
FITSABOANA ANY AN-TRANO

# Tsy voaresaka ny fomba nahombiazana nahasitrana

Anisan'ny asongadina isaky ny mamoaka ny tarehimarika ny avy eny amin'ny CCO Ivato, ny fahabetsahan'ireo olona sitrana isan'andro rehefa avy voan'ny valanaretina. Nambara tao anatin'izany ihany koa fa ireo nitsabo tena tany an-trano no betsaka amin'izy ireo. Midika inona izany tranga izany?
Amin'ny lafiny iray, toy ny manao hoe : mitsabo tena any an-trano no mety kokoa noho ny mankany amin'ny toeram-pitsaboana, satria ny any no maro sitrana. Ireo efa ambony be ny soritr'aretina no mankany amin'ny toeram-pitsaboana raha ny fanazavana. Nisy anefa tranga niseho nanahirana ny saina ihany ny fahenoina azy tamin'ny haino aman-jery. Ilay olona sy ny fianakaviany nihazakazaka nankany namonjy mpitsabo, dia sendra ny fitavozavozana avy amin'ny tompon'andraikitra, tara ny ambulance, ohatra, sns... Nodimandry ilay marary no niafaràny, toy ny nanjo ny oloben'ny FLM. Niteraka fiahotrarana ho an'ny vahoaka ny toy izany, ka nisafidianan'ny maro ny any an-trano raha hitsabo tena. Manampy izay ny fahenoina fa maro no sitrana any. Tsy mitovy koa anefa ny tokantrano Malagasy tsirairay.
Rehefa manao tatitra ny avy amin'ny CCO, dia tarehimarika ihany no ambarany, fa tsy heno ny fanazavana



*Maro ny sitrana tany an-trano teto Analamanga, fa ilaina ho fantatra ny tsiambaratelon'izany nahasitranana izany.*

ny amin'ny fomba nahasitranana ireo olona maro ireo. Inona no nataon'ny mpitsabo, raha nisy, ary inona no nataon'ireo olona tao an-tranony ka nahasitrana azy? Ilain'ny hafa izany ary mahaliana azy. Mila mifampizara ny mahasoa ihany, ankoatra izay fomba tsy maintsy ny mpitsabo ihany no mampihàtra azy.

***Radafy***

Politikam-pitondrana

# Diso paikady hatrany Rajoelina sy ny ekipany

Maro ireo paik'ady nofaritan'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina hatrany am-piandohana no misy diso hatrany. Vao mainka niharihary izany hatrany am-piandohan'ny fidirana amin'ny hamehana ara-pahasalamana teto amin'ny firenena. Nilaza tany amin'ny fiandohan'ny taona hatrany amin'ny volana martsa ny tenany, fa efa vonona hiatrika ny valanaretina ny fitondrana ary tsy misy atahorana. Efa-bolana aty aoriana miharihary ny tsy fahombiazan'ny paik'ady napetraka, miteny ho azy ny tarehimarika amin'ny tranga vaovao sy isan'ny nodimandry. Nambara fa ampy ny fitaovana ho an'ny fitsaboana sy ny mpitsabo tany ampiandohana, ny farafara andraisana ny marary. Iarahamahita tsara anefa ny firotorotoana etsy sy eroa ankehitriny amin'ny toerana sy ny farafara, satria niharihary ny tsy fahampiana. Mampiteny ny moana ny zava-misy eo amin'ny sehatry ny fitsaboana. Ary mbola mahalasa ny saina fatratra ny natsidiky ny filohan'ny sendikàn'ny Paramed tao amin'ny fahitalavitra ny alahady lasa teo, momba ny fitarainana tonga eo am-pelatanany avy amin'ireo olony manerana ny faritra. Manaporofo izany fa diso mihitsy ny paik'ady napetraky ny fitondrana eo amin'ny seha-pitsaboana sy fiarovana ny vahoaka amin'ny valanaretina. Manampy izany ny tsy fahombiazana eo amin'ny lafiny sosialin'ny mponina manerana ny Nosy, sy indrindra amin'ireo faritra anaty fihibohana: Analamanga sy Toamasina. Ny fahitana azy dia toy ny olona manampina rano vaky amin'ny fefiloha, ohatra ny fitondrana, ka tampenana ny atsy miporitsaka ny eroa ary tsy misy fitsaharany.
Ivelan'ny tontolon'ny ady amin'ny fihanaky ny valanaretina coronavirus, dia eo ireo asa ataon'ny fitondrana ao anaty paikadiny nefa diso. Anisany ny tetikasa Tanamasoandro saika natao teny amin'ny lemak'i Betsimitatatra. Ny vahoaka Malagasy maro dia nanohitra izany, fa tsy mety izany. Saika mbola hiziriziry tamin'ny hevi-disony ihany ny fitondra fa nihemotra ny niafaràny. Paikady diso be iny n'inona n'inona fanazavana. Iray lehibe ihany koa ny fanorenana ny Colisée eny amin'ny Rovan'Antananarivo na Lapan'i Manjakamiadana. Olom-pirenena maro no mahita sy mihevitra fa hadisoana bevava izany fanorenana izany. Tsy mifanaraka velively amin'ny maha-Malagasy, sy ny soatoaviny lalina ny kasain'ny fitondrana aorina eo, ary hamoa-doza aza, hoy ny nambaran'ny mpandàla marina izany. Misy mantsy miseho sy milaza ho mpandàla nefa efa olona niongom-paka miaraka amin'ny filohan'ny Repoblika ao an-dapa amin'ny famaritan'asa hatao eto amin'ny firenena.
Santionany vitsy ihany ireo nefa lehibe dia lehibe, ahitàna taratra fa diso paik'ady hatrany ny fitondrana Rajoelina isaky ny hanao zavatra. Antony iray lehibe, tsy ananany ny fomba fiasa mijery lavitra sy misoroka izay mety hitranga. Hany ka zary mandrorona be ihany ny fitantanam-pirenena sy ny firosoana na ny fampandrosoana, 19 volana aty aorian'ny nahatonga azy eo amin'ny fitondrana. Ho an'ny mpandalina sy mpandinika, mety mbola hitohy izany raha tsy manova fenitra mahery vaika amin'ny politakam-pitondrana ny firenena Rajoelina sy ny ekipany rehetra.

***Sôh'son***

Tafika Malagasy

# Misokatra ny fifaninanana hidirana any amin'ny SEMIPI

Fantatra izao fa misokatra ny fifaninanana hidirana ho mpianatra any amin'ny Sekoly Miaraimilam-pirenena na ny SEMIPI. Araka ny filazana navoakan' ny Etamazaoron'ny Tafika dia ny 21 Septambra, ka hatramin'ny 01 Oktobra ho avy izao ny fifaninanana hiditra ao amin'ny Sekoly Miaramilam-pirenena na SEMIPI. Misy ny sampana fampianarana ankapobeny ary ny sampana fampianarana teknika. Toy izao ny fepetra ho an'ny mpifaninana: 14 ka hatramin'ny 17 taona, manana marim-pahaizana BEPC na kilasy fahatelo. Vita fizahana arapahasalamana. Ireto avy




*Ny SEMIPI any Beravina Fianarantsoa.*

ny antotan-taratasy ilaina amin'izany: taratasy fizaham-pahasalamana avy amin'ny dokotera ; valopy "VONONA" miisa roa misy ny adiresin'ny mpifaninana ; taratasy fanamarinam-pahaterahana ; taratasy fanamarinana fahafahana ho an'ireo izay efa afaka BEPC. Taratasy fanomezan-dàlana avy amin' ny ray aman-dreny; mandà paositra 20.000 Ar, hatao amin'ny anaran'Andriamatoa Jeneraly, Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika [EMA/SC.ORG/SEFJ, BP : 394 Andohalo - 001) ANTANANARIVO). Fanamarihana : "Soratana mazava ao anatin'ny mandà paositra ny anaran'ny mpifaninana mpandefa azy". Taratasy filazalazana ny momba ny mpifaninana (Tovana I, II, III), izay hadika any amin'ny Faritany Miaramila (RMI/2/3/4/5/7) teo aloha, 2/RM5 Taolagnaro ary 3/RM5 Morondava. Raha mila fanazavana fanampiny dia afaka mandefa hafatra miafina (MP) amin' ny kaotin'ny facebook ny SEMIPI: https://web.facebook.com/semipi1104.

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

Vahoaka Malagasy

# Mahalala ny tokony hataony fa tsy afa-manoatra

Tsy mila entanina akory ny Malagasy amin'ny fifanampiana sy fifanomezan-tànana amin'ny mpiarabelona aminy eo amin'ny fahasahiranana miatrika fiainana andavanandro, na indrindra amin'ny krizy ara-pahasalamana, fa tena maha Malagasy ny Malagasy izany. Tena fiainany izany rehefa ao anaty fotoan-tsarotra lalovan'ny firenena. Saingy ny olana lehibe sy sakana ho azy, dia ny fahasahiranana sy ny fahantrana lalina dia lalina mampihitsoka ny fiainany nandritry ny taona maro sy indrindra amin'izao fotoana izao izay tena mafy sy sarotra tokoa.
Mbola nanentana ny olom-pirenena, ankoatra ny orinàsa afak'haba, ny hanao izay fifanampiana sy fifanomezan-tànana amin'ny mpiara-belona aminy izay, tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray, ny tale misahana ny serasera eo anivon'ny prezidansa, andro vitsy lasa izay nandritry ny dinika nifanaovan'ny mpanao gazety taminy. Toa mora ery ny filazany azy amin'izany ary tsy hita taratra velively tao anatin'izany ny fahatsapàny izay manjo ny vahoaka Malagasy izay ankehitriny, sy ny amin'ny toe-tsaina tena Malagasy. Avy eo indray koa ampitahainy amin'ny toe-javatra tsy hitovy velively ny raharaha. Tokony hiara-hientana toy ny tamin'ny Barea ny vahoaka amin'izao ady amin'ny fihanaky ny valanaretina izao, hoy izy. Tsy hitovy mihitsy satria, tamin'ny Barea dia hita fa an'ny Malagasy rehetra ny fifaninanana natao, fa tamin'ity ady amin'ny coronavirus ity, vao tany am-piandohana dia ny loko politika volon-daoranjy no nahindrahindra ary efa ao anatiny izao mbola misy resaka politika hatrany sy fanindrahindrana an'i Andry Rajoelina. Mazava loatra tsy maintsy hisy ny hihemotra sy hitazam-potsiny satria kajy politika no narantiranty aloha. Minia mikimpy anoloan'izany ity olona tomponandraikitra niseho nanentana ny vahoaka ity. F'angaha io handeha ho azy amin'izao sy toy ny "robot" azo baikoina amin'izay ilàna azy ny vahoaka Malagasy? Hadisoan-kevitra bevava izany ary fositra iray lehibe manahirana eto amin'ity firenena ity. Toy izany ny olona miara-miàsa amin'ny filohan'ny Repoblika ao, ary tsy izy irery ihany, fa maromaro.
Ny Malagasy rehefa mahita fa tena manao amin'ny fo tokoa ny tomponandraikitra isan-tsokajiny rehetra, sy toy ny nataon'ny mpilalaon'i Barea ireny, dia tsy mila entanina akory ny vahoaka fa zavatra be lavitra noho ny vinavinain'ny mpitondra aza no hotanterahiny eo. Tsy mila entanina izy hanangan-tsaina, fa rehefa hitany fa tena mifofotra mafy andro aman'alina tokoa (tsy miàsa aminy ny filazàna izany amin'ny teny tsara lahatra, fa asa hitany maso mivaingana ihany), amin'ny fiarovana ny fiandranampirenena, ny fitiavan-tanindrazana, ny fanandratana ny lafim-piainany andavanandro sy ny fiarovana ny tombontsoany marina tokoa, amin'ny fampandrosoam-pirenena ny fitondrana dia ho rakotra saina mitsangana ny tokantrano tsirairay manerana ny Nosy, na amin'ny andron'ny 26 Jona io, na andro hafa samihafa natao hanehoana ny hambompompirenena.

***Radafy***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao: tsy handroso ity Madagascar ity hoy Andry Rajoelina t@ 2018 tao amin'ny television, raha mbola ny vazaha vahiny any andafy no manome vola ny fitondrana malagasy. Aide budgétaire. FMI. BAD. Banque Mondiale. Pnud. Unicef. FAO. PAM,… Dia hitantsika ankehitriny fa ny vola hitantanana ny aretina corona virus eto Madagascar, vola financement 500 millions dollars sy fitaovana chinois no ampiasain'ny mpitondra malagasy. Ny vola devise dollars sy euros mitombo hatrany ny lanjany fa ny ariary mitontongana tsy misy valeur. Tsy handroso izany Madagascar, miverina mitalaho amin'ny vahiny ihany izany Président ndry Rajoelina fa tsy araka ny vavany tamin'ny 20 16 ireny, tsy araka ny vavany sy promesse-ny tamin'ny propaganda ireny. Mpitondra tsy mahatanteraka ny teny nomeny.

***Haja Robertin***
***Lot… Andakoro Toliara***